# Ilay Voa Tsara Nafafy 02 Novambra 2018

**2** **Zoma**
novambra

**Izany no nosoratako aminareo, izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra, mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo.**
1 Jaona 5. 13

### Mahazo antoka fa voavonjy

Tany York (any Angletera) ilay mpitoriteny anglisy antsoina hoe Charles Stanley, tao anaty vahoaka niandry ny handalovan'ny fiara mitondra ny faty-na manampahefana arapivavahana iray. Avy tampoka anefa ny orana, ka voatery nitady fialofana tao amina faritra lehibe mitafo iray izy ireo.

Nanararaotra izany i Stanley mba hanokafana ny Baiboliny. Dia novakiany tao ny teny hoe : „Sambatra ny maty, dia izay maty ao amin'ny Tompo" (Apokalypsy 14. 13). Ary nohazavainy fa tsy misy olona azo antsoina tsotra izao hoe sambatra satria mambra-na fiangonana iray, fa ny fepetra tokana, izay sady ilaina no ampy, dia ny fananana ny Tompo Jesosy.

Tsy nahazo aina ireo nahare izany teny izany, ka nohazavain'i Stanley ny hevitry ny hoe „ao amin'ny Tompo" sy ny hoe „maty ao amin'ny Tompo". Notsipihiny mafy fa ny finoana irery ihany no ahazoan'ny olona mandray ny famonjena atolotr'Andriamanitra, ka rehefa mino vao afaka ny ho faty am-piadanana, mandra-pahatonga ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty.

Koa nanontany ny mpihaino iray hoe : „Raha azoko tsara, izany, dia efa afaka mahafantatra isika hoe voavonjy ary manana ny fiainana mandrakizay, dieny izao isika velona izao ?"

Mba hamalian'i Stanley izany fanontaniana izany, dia nitanisa andinin-tSoratra Masina maro ao amin'ny Baiboly izy, maneho fa dieny etỳ an-tany ny zanak'Andriamanitra dia efa omeny fahazoana antoka tanteraka fa efa voavonjy izy ireo. Tsy hoe manantena hahazo fiainana mandrakizay isika, fa *mahafantatra* fa efa manana izany ankehitriny. Mety ho faty ny tenantsika, fa ny fifandraisana velona ananantsika amin'Andriamanitra kosa dia efa voaorina tsy iverenana, ary mitoetra ho mandrakizay.